REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana • Tanindrazana • Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Vidin-tsolika : nanomboka androany ny fifampiresahana amin'ireo mpandraharaha

Nitàna ny teny nomeny ny Filoha Andry Rajoelina ka nihaona tamin'ireo mpandraharaha mpamokatra solika androany 17 jona tao amin'ny lapam-panjakana Ambohitsirohotra. Araka ny efa nambaran'ny Filoham-pirenena ny tanjon'izao fihaonana izao dia ny tsy maintsy hitadiavana vahaolana hampihena ny vidin-tsolika sy ny fampanofana ny milina ampiasain'ny orinasa Jirama. Nandritra ity andro voalohany ity dia samy naneho ny heviny momba ny tokony ho rafitry ny vidin-tsolika na ny andaniny na ny ankilany. Misokatra ny ady hevitra eo amin'ny roa tonta ka hitohy hatramin'ny alarobia ho avy izao ny fifampidinihana hijerena faingana ny marimaritra iraisana. Nanatrika ity fihaoanana ity moa ny avy ao amin'ny VIVO Energy Madagascar, Total, Jovenna, GRT, GPM, LPSA. Teo ihany koa ny Praiminisitra Ntsay Christian, ny Minisitry ny Angovo, ny Rano ary ny Akoranafo ary ny Ministry ny Fanajariana ny tany, ny Trano ary ny Asa Vaventy.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
17-06-2019